


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

# Ny Fahasoavana Rehetra: Ampy sy Mihoatra

*Niaritra ny fahantrantsika i Jesosy mba handraisantsika anjara amin’ny fahafenoany.*



Manambara ny Tenin'Andriamanitra
Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Ny fanànana fahantrana dia midika hoe “noana... hetaheta... fitanjahana... ary [ho] mila ny zavatra rehetra” ( Deoteronomia 28:48 ). Oviana marina i Jesosy no nanjary nahantra? Nanomboka nahantra Izy tamin’ny fotoana nahafantarana Azy tamin’ny fahotantsika. Nanomboka tamin’izay fotoana izay, dia nihalalina hatrany tao anatin’ny fahantrana Izy, ka hatramin’ny hazo fijaliana, dia naneho ny fahantrana tanteraka voalaza etsy ambony Izy.

Fantaro fa teo amin'ny hazo fijaliana, dia tsy ara-panahy fotsiny ny Fahantrany. Nahantra ara-batana sy ara-materialy koa Izy. Noho izany, araka ny lalàn'ny lojika rehetra, ny harenantsika dia tsy ho ara-panahy fotsiny ihany koa. Nanjary nahantra tanteraka i Jesosy teo amin’ny lafiny ara-batana, sy ara-materialy mba hahatonga antsika hanan-karena, hanana ny filana ara-batana sy ara-materialy rehetra—ary hanana zavatra sisa hozaraina amin’ny olona hafa.

Korintiana Faharoa 9:8 no andininy manokana faharoa hianarantsika izay manohana ny zava-misy fa i Jesosy no nitondra ny ozon’ny fahantrana:

> "Ary Andriamanitra mahay mampitombo ny fahasoavana rehetra aminareo, mba hanananareo ny onony rehetra mandrakariva amin'ny zavatra rehetra, ka hitombo amin'ny asa tsara rehetra."

Tsy mahihitra Andriamanitra. Tsy manome izay ampy fotsiny Izy; Manome ny ampy sy mihoatra Izy. Izany no habetsahana. Ao amin'ny andininy etsy ambony, dia misy tranga roa amin'ny teny hoe betsaka ary efatra amin'ny teny rehetra. Tsy fantatro raha mety ho mazava kokoa io fiteny io. Inona no lazainy? Ny fahasoavan’Andriamanitra.

Ny ampy dia tena mahaliana, ao amin'ny 2 Korintiana 8 sy 9, toko roa miresaka momba ny vola, ny fanalahidin’ny teny

© 2008 - Dries Du Plessis

dia ny fahasoavana. Miseho impito izy io ao amin’ny toko faha-8 ary indroa ao amin’ny toko faha-9. Fahasoavana miasa eo amin’ny sehatry ny vola izany. Vitsy anefa, ireo mitonona ho Kristiana no mahatakatra ny toetran’ny fahasoavan’Andriamanitra. Nahita aho indraindray fa ireo izay miresaka betsaka momba ny “fahasoavana” dia matetika no tsy mahazo izany.

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny Asanao teo amin’ny hazo fijaliana. Manambara aho fa nanjary nahantra tanteraka i Jesosy mba hitomboan’ny fahasoavan’Andriamanitra amiko —na dia eo amin’ny sehatry ny vola aza—satria niaritra ny fahantrako i Jesosy mba hizarako ny Habetsahany, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

**Fivoriana fampaherezam-panahy** ★

Fandikana: WD-B097-129-MLG

Nohavaozina farany: 09 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

